

NY FIANTRAIKAN'NY BAIBOLY AMIN'NY FIEVERAN'NY MALAGASY NY ANY ANKOATRA

atolotr'i
Adolphe RAHAMEFY RAMAROLAHY

Faritra roa ihany, teto Imerina sy ampahany tao amin'ny faritra Betsileo Atsimo-Andrefana (Isandra) no nanaovana ny fanadihadiana izay haroso eto. Vokatry izany dia voafetra ihany koa ny famakafakana natao. Koa ny fanontaniana mipetraka voalohany ary dia ny hoe: azo itarina ka ampiharina amin'ny faritra hafa eto Madagasikara ve ny vokatry azo tamin'ireo faritra ireo?

Mitaky fepetra maromaro ny fahazoana manao izany fanitarana izany ary anisan'ny petra-kevitra iaingana amin'izany ny hoe: misy riba iombonana, iraisan'ireo faritra samihafa eto amin'ny Nosy (1).

Azo atao ny manome ohatra momba ny fisian'ireo riba iombonana ireo:

- lasana ho razana ny maty tsara levenana (2)
- tsy tapaka tanteraka ny fifandraisana misy eo amin'ny velona sy ny maty.

(1) DUBOIS (R), *Olombelona* L. Harmattan, Paris, 1979.

Tak. 127 § 1: «La cohérence malgache est si forte que selon les terroirs, elle se diversifie dans ses modes d'expression tout en restant identique à elle-même».

(2) RAZAFINTSALAMA (A.), *Ny finoana sy ny fombany*, polycopie, Tananarive 1978.

Tak. 117 § 3: «Raha ny aty Madagasikara no jerena, dia izay «tsara levenana» no inoana fa tonga Razana».

Anterina tsara fa ny maty « tsara levenana » ihany no lasan-ko razana. Izany hoe ireo izay nahefa an-tsakany sy an-davany ny adidiny fahavelona ary « tsy maty maso » sady tafita any amin'ny tontolon'ny maty noho ny nataon'ny taranaka faramandimby taminy.

Koa ny momba io tontolo io, na ny any ankoatra indrindra no ifantohan'ny foto-dresaka: nisy akony teo amin'ny finoana Malagasy ny fiainana any Ankoatra ve, ny fidiran'ny Baiboly teto amintsika?

Fizarana roa amin'ny ankapobeny no anompanantsika ny famakafakana: ny voalohany ary dia ny momba ny fiheveran'ny Ntaolo, ny faharoa kosa dia ny fiantraikan'ny Baiboly.

Mbola ahitana fitsinjarana roa ao amin'ny fizarana voalohany:

- I₁ ny finoana momba ny fasan-drazana
- I₂ ny fanavaozana nentin-dRADAMA I.

I NY FIHEVERAN'NY NTAOLO

I₁ Ny finoana momba ny fasan-drazana

Mety hanampy betsaka amin'ny fahoritana ny finoana momba ny fasan-drazana ny hita ao amin'ny Anganon'ny Ntaolo, nangonin'i Lars DAHLE. Jereo *Hainteny* tak. 210: « tsy hitampody fa hodimandry » ary eo amin'ny andalana faha-4 no ahitantsika ny hoe: « tatarobe miefi-damba ».


Azo takarina avy ao fa lavaka voa-janahary ary tokana, no nitarin'ny mpianakavy natao fasan-drazana (3). Mbola hita ihany koa izany any amin'ny faritra maro hatramin'izao fotoana izao. Ary amin'ny fotoana voafaritra izay tondroin'ireo zoky ray aman-dreny, fa mety efa ho simba ireo lamba namonosana an'ireo razana, no anaovana ny famonosan-damba: ka atambatambatra amin'izany ireo taolana mitovitovy bika sy habe. Ara-bakiteny tokoa amin'izay fotoana izay ny hoe « miray karan-doha » fa « olona iray fasana, iray aina ».

Io aina io indrindra mantsy no zava-dehibe tokony hozohina, talohan'ny nahatongavan'ny fivavahana kristiana.

Manomboka ary amin'ny fiforonan'ny aina ka mandra-pahatongany aty amin'ny antsointsika hoe « fahafatesana » dia misy fizarana telo mazava tsara eo amin'ny fivoarana. Azontsika atao kisary tahaka izao manaraka izao ireo faritra telo ireo (4):

(3) RAVOAJANAHARY (Ch.) La notion de libération chez les Malgaches, in *Annales de l'Université de Madagascar* n° 7 Série Lettre et Sciences Humaines t. 58 § 5: « Le tombeau était jadis une fosse dans laquelle on mettait les corps d'abord côte à côte, ensuite les uns sur les autres ».

(4) Vokatry ny fifanakalozan-kevitra tamin'ny namana mpiara-miasa RAJAONARISON Jean-Baptiste io kisary io.



- A — Fiforonan' ny aina
- B — Fahafatesana ho an'ny fiainana am-bohoka
— Fahaterahana ho an'ny fiainana an-tanety
- D — «Fahafatesana» ho an'ny fiainana an-tanety
— «Fahaterahana» ho an'ny fiainana any ankoatra.

Fivoarana hoy isika fa tsy fiafarana tsy akory, satria raha vao niforona ny aina ao amin'ny faritra (I), eny na mbola alohan'izany akory aza, dia efa miomana avy hatrany ny ray aman-dreny ny amin'ny handraisana azy. Mbola ilàna ohatra indray ve ny fisahiranana'ny olona izay maniry zaza ?

Jereo fotsiny ohatra ny ao amin'ny anganon' lbonia, eny, ny fiaraha-monina no mifanampy amin'ny fikatsahana taranaka.

Raha mbola tsy tonga akory ny zaza fa mbola any am-bohoka, ao amin'ny faritra (I) izany, dia tsy hay lazaina intsony ny fisahiranana'ny mpiara-monina hanala ratsiana ilay reny, rehefa fantatra fa mitoe-jaza izy. Hitantsika amin'izay ilay fifandraisana, fitohizana'ny aina manomboka eo ka mankamin'ny faritra (II). Saingy ny teboka B izay midika ho «fahaterahana» ho an'ny faritra II, dia «fahafatesana» kosa ho an'ny faritra (I) (5).

Koa araka ny fanazavana an'ohatra naroson-dRABARY, dia misy fitohizana avy ao amin'ny faritra (I) mankamin'ny faritra (II) saingy tsy afa-mifandray mivantana ireo miaina ao amin'ireo toerana samihafa ireo.

Toraka izany koa ny amin'ny teboka D izay midika ho «fahafatesana» ho an'ny faritra (II), saingy zary «fahaterahana» kosa ho an'ny faritra (III), any ankoatra ; izany hoe fitamberenan'ny zavatra hita tao amin'ny teboka B no hita eto, koa tahaka ny fikarakaran'ny ray aman-dreny ny zanaka any am-bohoka no ikarakarana, na itahian'ny razana ny velona.

Hitantsika ãry fa tsy tapaka tsy akory ny aina fa mitamberina, ary endrika maro no mety hisehoany.

Ny endrika voalohany mety hiverenan' ny aina, dia fiofona ho zava-boaary; ny toetra faharoa mety ho hita kosa dia ny fiverenana amin' ny zava-manana aina, toy ny biby, ary farany dia ny fifindrana aman' olon-kafa, na koa toy ilay bikany teo aloha tsy nisy nahatohinana mihitsy.

Amin' ilay fiofona ho zava-maniry dia ahitana taratra ilay fototra maha-zavaboary ny olona. Jereo ohatra ao amin' ny angano Bara izay ahitantsika andRahova (6) lasa ala rehefa narian' ireo mpirafy taminy izy. Mbola taratr' izany ihany koa ny hitantsika ao amin' Isilakolona, izay ny ilany olona, ary ny ilany (7) hazo.

Mety ho toy ny biby ihany koa ny endrika iverenan' ilay aina. Izany dia hitantsika ao amin' ilay angano hoe: «Telolahy mifandringana». Rehefa novonoin' ny zaodahiny Andrianoranorana dia zary fananimpitoloaha (7 bis).

Azo heverina ho fidiovana noho ny antony samihafa ny fandalovana amin' io endrika io, satria mbola hiverina ho olona feno ihany izy rehefa avy eo.

Farany, dia misy ireo izay miverina ho toy ny olona, toy ny endrika amam-bikany teo aloha ihany, izay hitantsika ao amin' ny anganon' Indesoka zanak' i Trimobe (8).

Ireo antony ireo no nilazantsika fa tsy tapaka tsy akory fa mitohy hatrany ny aina.

1₂ Ny fanavaozana nentin-dRadama I

Ny fampidirany faritra iray ao amin' ny ilany atsimo atsinanana ao amin' ny faritany betsileo no fanavaozana nentin-dRADAMA I. Maro tokoa no mahafantatra azy io fa ho an' ny Betsileo dia antsoiny hoe «Iratsa na Iratsy», ary ho an' ny Merina kosa dia «Ambondrombe» no fiantsony azy.

Efa hatry ny ela tokoa io finoana io, fa i Grandidier dia nanondro azy io hoe «Tanindolo» (9), fonenan' ny ambiroan' ny maty rehetra; na farafaharatsiny ahay ho an' ny finoana teto Imerina sy an' ny faritra Betsileo.

Zava-baovao io finoana io satria fony Radama nandeha nampandry tany amin' ny faritra Betsileo, araka ny fitantaran-dRANDRIA Michel (10), dia marobe ireo miaramila mpiantafika no tsy tafaverina, fa azo lazaina hoe very faty.

(6) FAUBLEE (J.) *Angano Bara*, Paris, 1947 Rahova vadin-dRatuvu.

(7) DAHLE (L.) *Anganon' ny Ntaolo Isilakolona*, tak. 116.

(7bis) DAHLE (L.) *Anganon' ny Ntaolo Telolahy nifandringana*, tak. 125 § 3.

(8) DAHLE (L.) boky efa voalaza, tak. 146, § 7.

(9) GRANDIDIER (A. et G.) *l' Anthropologie extrait*, t. XXVIII p. III Paris, 1917

(10) RANDRIA (M) *Foto-teny malagasy*, Ed. Revio Fampitaha, Tananarive, 1950.

Very faty satria tsy nilevina am-pasandrazana izy ireo. Koa rehefa tafaverina teto Imerina RADAMA I dia nahazo fanontaniana maro tamin'ireo fianakaviana nanan-kavana tsy tonga an-tanindrazana; ka ho fampiononana an'ireto farany ireto, dia hoy izy hoe: « miandry antsika any Ambondrombe izy ireo ». Izany hoe ny ambiroan'ny maty rehetra dia miorim-ponenana any Ambondrombe.

Miharihary izany fa antony ara-piaraha-monina no nandrosoan-dRADAMA I ny finoana momba io tendrombohitra io. Tsy izany ihany anefa fa mbola misy lafiny hafa koa azo asongadina momba azy io.

Teto Imerina dia fantatsika fa nisy ny tendrombohitra 12, ny 12 Manjaka, izay antoky ny fiandrianan'ny Mpanjaka. Tsy nisy kosa anefa izany antoka izany tamin'ny faritra atsimo iny, koa tsy nahagaga raha toa ka natsangan-dRADAMA I ny tendrombohitra Ambondrombe ho solon'ny 12 Manjaka any amin'ny faritra Betsileo.

Izany hoe izy io no zary antoky ny fanjakany, noho izy fonenan'ny ambiroan'ny maty rehetra, ary anisan'izany ny an'ireo mpanjaka fahiny.

Mazava àry fa ho fanamafisana orina ny fanjakany tany Betsileo dia nampiditra finoana vaovao RADAMA I, tao anatin'ny fandaminana ny habaka Ntaolo anefa dia hitantsika ihany koa fa ny faritra atsimo atsinanana no toerana fanorenana-pasana koa tsy nahagaga raha mora tafiditra ny finoana momba an'Ambondrombe, noho ny toerana misy azy any amin'io faritra io.

II. NY AKON'NY FIDIRAN'NY BAIBOLY

Nisy lafiny izay hitantsika ao amin'ny Soratra Masina fa mifanaraka amin'ny riba malagasy, ao kosa anefa ny mifanipaka amin'ny finoana nentim-paharazana.

Raha miresaka momba ny famonjena ny Baiboly ao amin'ny Testamenta Vaovao amin'ny A.A. (Asan'ny Apostoly) toko XVI andininy 31 dia ahitantsika ireto teny ireto: « Dia hoy izy roa lahy: Minoa an'i Jesosy Tompo, dia hovonjena ianao sy ny ankohonanao ».

Ny famonjena eto dia tsy inona tsy akory fa izay voasoritry ny Tompo ao amin'ny Testamenta Vaovao ihany ka ao amin'ny Jaona toko XI andininy 23-25 izay manao hoe: « ... Izaho no fananganana ny maty sy fiainana, izay mino Ahy, na dia maty aza, dia ho velona indray. Ary izay rehetra velona ka mino Ahy dia tsy ho faty mandrakizay ».

Tsy hevi-diso tsy akory ireo fa tao amin'ny Testamenta Taloha ao amin'ny GEN.XII andininy 7: « Ary Jehovah niseho tamin'i Abrahama ka nanao hoe « Ny taranakao no homeko ity tany ity ».

Hitantsika àry fa ny fahazoana ny fiainana mandrakizay no tanjona, ka ho an'ny ankohonana manontolo no hikorohana an'izany, ary tsy mifanipaka velively amin'izay tanjona kendrena ao amin'ny fiaraha-monina nentim-paharazana izany.

Saingy tsy io endrika io no tafita taty fa toa ilay fikatsahana famonjena ho an'ny tsirairay ary izany dia hitantsika ao amin'ny Lioka toko XVIII andininy 22:

«Ary rehefa nandre izany Jesosy, dia hoy Izy tamin'ny: Mbola diso zavatra iray loha ianao; amidio ny fanananao rehetra, ka zarao ho an'ny malahelo, dia hanana rakitra any an-danitra ianao; ary avia, manaraka Ahy».

Hita soritra eto fa fandraisana andraikitra ho an'ny olona tsirairay, samirery ny famonjena; ary io indrindra, araka ny fiheveranay azy, no noraisin'ny Fifohazana ara-bakiteny. Vokat'izany dia asainy miala amin'ny zavatra ny tany, fa miandrindra sahadry ny fiainana any an-danitra any «antratan'ny Abrahama» ny Kristiana.

Tsy izany ihany fa mbola asaina miendaka amin'ny tontolo nahazatra azy ny Kristiana, ary ny lasan-davitra indrindra amin'io lafiny io dia ny an'ny Fifohazana izay tsy mahazo milevina any am-pasan-drazana fa eny an-tampon-tanety, na eny an-tsaha no ilevenany. Koa tsy mahagaga raha nihorohoro ireo Kristiana izay nenjehina faha-Ranavalona I. Nihorohoro satria sady mbola tsy tena vontom-pinoana tanteraka no efa nasaina miendaka sahadry tamin'ny tontolo nahazatra azy izy ireo. Izany hoe «very faty» — tsy anisan'ny razana intsony. Nefa koa mbola tsy tena manantena ny hahazo ny fiainana mandrakizay.

Eto am-pamaranana dia tsy isalasalana fa nanozongozona ny Riba malagasy. momba ny any ankoatra ny fidiran'ny Baiboly. Anisan'ny nanamora izany ny fanavaozana nentin-dRADAMA I momba an'Ambondrombe.

Ekena fa tsy zava-baevao velively ny fitohizan'aina ho an'ny Malagasy, na ny fiainana mandrakizay any ankoatra ho an'ny Kristiana; saingy tsapa fa toa somary nampisara-bazana ny fianakaviana ny fikatsahana ny famonjena ho an'ny tsirairay avy. Izany dia hita eo amin'ny riba manodidina ny fasan-drazana izay tsapa fa toa zary safiotra be ihany ankehitriny; ary mbola ilàna fanadihadiana hafa ny momba izany.



E R R A T A

Article de S. RAJAONA

p. 12, 1.3
p. 12, 1.27
p. 16, 1.14

Lire
saveur
parallèles
resultats

au lieu de
valeur
parallèle
résultants

Article de H. RANJEVA

p. 19,

pp. 21 — 37 pour les
titres de chaque page impaire

Le Vocabulaire Malgachisé dans l'Evangile...
Le vocabulaire malgachisé dans l'Evangile de Jean

Le Vocabulaire Malgachisé de l'Evangile.
Le vocabulaire malgache de l'Evangile

Article de F. ANDRIANASOLO

p. 41, 1.3., dernière ligne :
p. 42, 2.3., 9e ligne :
p. 44, 4e ligne :
p. 48, 3.6., 23 ligne :

l'un
abstraites
(/ñ/) + K +
mañiña

l'une
abstraits
(/ñ/) + K +
mañiña

Article de B.D. SOLOHERY RANARISON

p. 55, 1.6

que le lecteur

que lecteur

Article de H. RAKOTOANDRIANOELA

p. 65, note (22) 1.9

$\begin{matrix} \text{J} & \text{U} & \text{U} & \text{U} & \text{U} & \text{U} & \text{U} \\ \text{J} & \text{U} & \text{U} & \text{U} & \text{U} & \text{U} & \text{U} \end{matrix}$
 Jeso mpamonjy mpiandry
 $\begin{matrix} \text{U} & \text{U} \\ \text{U} & \text{U} \end{matrix}$
 tokoa

$\begin{matrix} \text{J} & \text{U} & \text{U} & \text{U} \\ \text{J} & \text{U} & \text{U} & \text{U} \end{matrix}$
 Jeso mpamonjy
 $\begin{matrix} \text{U} & \text{U} & \text{U} & \text{U} \\ \text{U} & \text{U} & \text{U} & \text{U} \end{matrix}$
 mpiandry tokoa

p. 65, note (22) 1. 12

$\begin{matrix} \text{J} & \text{U} & \text{U} & \text{U} & \text{U} & \text{U} \\ \text{J} & \text{U} & \text{U} & \text{U} & \text{U} & \text{U} \end{matrix}$
 Aza avela hial (a) aminao

$\begin{matrix} \text{J} & \text{U} & \text{U} & \text{U} & \text{U} & \text{U} \\ \text{J} & \text{U} & \text{U} & \text{U} & \text{U} & \text{U} \end{matrix}$
 Aza avela hial(a)
 $\begin{matrix} \text{U} & \text{U} & \text{U} \\ \text{U} & \text{U} & \text{U} \end{matrix}$
 aminao

p. 70, 1.8

... andininy

... andinina

p. 71, 1.20

... famelivelezan' ny

... famelivelezana ny

p. 72, note (43) 1.1

... ireo tanisaina

... ireto tanisaina

p. 73, note (49) 1.1

... tantaran' Kristia-

... tantaran' i Kristia-

Article de B.D. SOLOHERY RANARISON

p. 81, note (3)

CHATEAUBRIAND

CHATEUBRIAND

p. 86, 1.28

ny tanànan' Antana-
narivo

ny tenànan' Antana-
narivo

p. 92, 1.12

sady voatantara

sady voatantara

Article de Irako ANDRIAMAHAZOSOA

p. 109, 1.34	$S_4 (\bar{T}, \bar{M})$	$S_4 (\bar{T}, M)$
p. 120, 1.17	$S_4 (\bar{T}, \bar{M})$	$S_4 (T, M)$
p. 120, 1.18	$S_5 (T, \bar{M})$	$S_5 (T, M)$
p. 120, 1.19	$S_4 (\bar{T}, \bar{M})$	$S_4 (T, M)$
p. 127, 1.10	Azo amarina	Azo hamarina

Article de J.I. RAMINDRASOA

p. 134, 1.5	aorian' izao	aorian' izany
p. 148, avant dernière ligne	par lesquels	pour lesquels
p. 132 – 148 pour les titres de chaque page paire	RAMIANDRASOA	RAMIANDRISOA

Article de L.P. RANDRIAMAROLAZA

p. 158, 1.30	Nowegian	Norwegian
p. 161, 1.31	du moins des thèmes	du moins de thèmes
p. 164, 1.12	éminemment	éminamment
p. 164, 1.16	réponse	réponses
III – BIBLIOGRAPHIE		
p. 167, 1.2		
BUGRA–TRAK	Turkey	turkey
GOULET		
p. 167, 1.4	in technology	intechology
HIRSCHMAN		
p. 167, 1.8	HIRSCHMAN	HIRCHMAN

Article de RAHAMEFY RAMAROLAHY

p. 172, 1.29	arỳ	ary
pp. 173 – 175 pour les titres de ces pages	Ny fiantraikan' ny	Ny fiatraikan' ny

ERRATA

Dans l'article de L.P. Randriamarolaza paru dans HIRATRA n° 4 : « Riba, civilisation et culture ; vers une définition de l'objet des études de civilisation malgache », insérer entre la 7e ligne et la 8e ligne, p. 96.

— « les relations entre le Malgache et son environnement social »

Que le lecteur nous excuse pour cette omission.